WIKIPEDIA

Fiteny bielorosiana

Ny **fiteny bielorosiana** dia fiteny ao amin'ny vondrom-piteny slava atsinanana ao amin'ny fianakaviam-piteny indo-eoropeana. Tenenina ao Bielorosia (miaraka amin'ny fiteny rosiana izay manjaka amin'ny sehara ara-panjakana an-tanan-dehibe), izay amanao azy fiteny ofisialy, ny fiteny belarosiana. Miteny azy koa ny ao Polonia sy ny ao amin'ny vahoaka mpifindra monina (indrindra any Kanadà). Na dia fiteny ofisialy mitovy amin'ny fiteny rosia ao Bielorosia ny fiteny bielorosiana dia tsy faheno firy ao amin'ny tanan-dehibe. Ny fitondram-panjakana ankehitriny ao Bielorosia amin'ny ankapobeny dia mihevitra azy ho fitenin'ny tambanivohitra tsy mananana ny lanjany afa-tsy amin'ny lafiny kolontsaina nentin-drazana.

Amin'ny fiteny bielorosiana dia atao hoe *Беларуская мова* / *bielaruskaia mova*) io fiteny io.

Jereo koa

- Fiteny

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_bielorosiana&oldid=973720"

Voaova farany tamin'ny 31 Aogositra 2019 amin'ny 11:52 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.